

TSY FAHAMPIAN-DRANO

Ny ankabeazan'ireo zaza matin'ny aretim-pivalanana dia maty noho'ny tsy fahampian-drano intsony ao anatin'ny vatany. Izany tsy-fahampiana izany no atao hoe tsy-fahampian-drano

Ny tsy fahampian-drano dia vokatry ny fahaverezan'ny rano be amin'ny vatana nefa ny rano miditra aminy tsy ampy. Io dia mety hitranga rehefa voan'ny aretim-pivalanana mahery vaika, indrindra raha miampy fandoavana ihany koa. Mety mitranga ihany koa izany rehefa voan'ny aretina mahery vaika, raha toa ka marary be loatra ilay olona ka tsy afaka misotro rano.


Ny olona rehetra dia afaka voan'ny tsy fahampian-drano avokoa, saingy **ny tsy-fahampian-drano dia mivoatra aingana be ary mampidi-doza kokoa eo amin'ny ankizy madinika.**

Ny zaza rehetra voan'ny aretim-pivalanana be rano dia mety ho voan'ny tsy-fahampian-drano.

Zava-dehibe ny fahalalan'ny rehetra—indrindra ireo ren'y—ny famantarana ny tsy-fahampian-drano sy ny fomba hitsaboana izany.


Famantarana ny tsy-fahampian-drano:

- ny hetaheta no matetika famantarana voalohany amantarana tsy-fahampian-drano
- fivalanan-drano kely fotsiny na tsy mivalan-drano mihitsy; mavo be ny fivalanan-drano
- fahaverezan-danja tampoka
- maina ny ati-vava
- lali-maso, sady tsy misy ranomaso
- milentika ny 'loha malemy' eo amin'ny zazakely
- very ny fievotry ny hoditra



Sintony amin'ny rantsan-tanana roa toy izao ny hoditra. . .

Raha tsy miverina amin'ny toerana ilay hoditra dia tsy ampy rano ilay zaza.



Ny tsy-fahampian-drano mahery vaika dia mety hiteraka fitempon'ny fo haingana, malefaka be (jereo ny Dona, p. 77), fisefo haingana be sy lalina, hafanana ambony be, ary fanintona (Fahasafarana, Fanintona p. 178).

Raha toa ka voan'ny aretim-pivalanana be rano ny olona iray, na mivalana sady mandoa, aza miandry famantarana tsy fahampian-drano. **Mandraisa andraikitra aingana**—jereo ny pejy manaraka.

Mba hisorohana na hitsaboana ny tsy fahampian-drano: Raha toa ka voan’ny aretim-pivalanana be rano ny olona iray, **mandraisa andraikitra haingana:**


- ◆ **Omeo rano betsaka ilay olona ho sotroiny:** Ny Zava-pisotro Famerenan-drano no tsara kokoa. Na omeo lasopy serealy mandranoka na rony, dite, lasopy, na koa rano tsotra.
- ◆ **Tohizo ny fanomezana sakafo.** Vantany vao manaiky misakafo ny zaza (na olon-dehibe) marary iray dia omeo matetika izay sakafo tiany sy ekeny izy.
- ◆ Ho an’ny zazakely, **tohizo ny fanomezana nono azy** matetika—ary alohan’ny hanomezana azy zava-pisotro hafa.

Ny **Zava-pisotro Famerenan-drano manokana** dia manampy amin’ny fisorohana na fitsaboana ny tsy-fahampian-drano, indrindra amin’ny trangan’aretim-pivalanana mahery vaika be rano:

FOMBA 2 HANAMBOARANA ZAVA-PISOTRO FAMERENAN-DRANO ‘NAFANGARO TAO AN-TRANO’

1. MIARAKA AMIN’NY SIRAMAMY SY SIRA


(ny siramamy tsy mbola voahodina na molasse dia azo atao solon’ny siramamy)



Asio ranom-boakazo, ranom-boanio tapaky ny kaopy, na akondro masaka nopotserina ny zava-pisotro tsirairay raha misy. Misy potassium izay hanampy ny zaza hanaiky hisakafo sy hisotro rano izany.

2. MIARAKA AMIN’NY SEREALY SY SIRA

(Ny tsara indrindra dia koba vary. Mety koa ny koba katsaka, lafarina varim-bazaha, vovok’apemba, na potsor’ovy masaka.)



TANDREMO: Andramo foana ilay zava-pisotro alohan’ny hanomezanao azy mba hahazoana antoka fa tsy samba izany. Ny zava-pisotro vita amin’ny serealy dia mety ho samba ao anatin’ny ora vitsy rehefa mafana ny andro.

ZAVA-DEHIBE: Ataovy mifanaraka amin’ny faritra misy anao ilay zava-pisotro. Raha toa ka tsy manana tavoahangy iray litatra na sotrokely ny ankabeazan’ny trano dia manamboara fatra iraisana amin’ny alalan’ny fomba fandrefesana eo antoerana. Amin’ny faritra izay efa fomban’ny olona no manome lasopy serealy ho an’ny zazakely, ampio rano tsara izany mba handranoka ary ampiasao. Mitadiava hatrany fomba tsotra sy mora.

Omeo kely amin’ny ilay Zava-pisotro ilay olona isaky ny 5 minitra, amin’ny antoandro sy amin’ny alina, mandrapivalan-dranony ara-dalàna. Ny olona ngeza dia mila 3 litatra na mihoatra isan’andro. Ny zaza madinika matetika dia mila 1 litatra isan’andro farafahakeliny, na 1 vera isaky ny mivalana ka manary rano be. Tohizo ny fanomezana matetika ilay zava-pisotro ary atao tsikelikely izany, **na dia mandoa aza ilay olona.** Tsy ilay zava-pisotro rehetra akory no haloany.

TANDREMO: Raha miharatsy ilay fahaverezan-drano na misy tranga mampidi-doza miseho dia mitadiava mpitsabo na dokotera (jereo p. 159). Mety ilaina serôma (ranon-javatra alefa any anaty lalan-drà).

Fanamarihana: Amin’ny faritra sasany dia misy fonosana *Sel de RehydrationOrale* (SRO) (Sira atelina mba hamerenana rano) izay afangaro amin’ny rano. Misy siramamy, sira, citrate, zinc, ary potassium mifangaro ao anatin’ny (jereo p. 381). Na izany aza, ny zava-pisotro vita ao an-trano—indrindra fa ny zava-pisotro vita amin’ny serealy—dia mora vidy kokoa, azo antoka kokoa ary mandaitra kokoa noho ny fonosana ORS raha voakarakara ara-dalàna.

ARETIM-PIVALANANA SY FIVALANAN-DRA

Raha toa ka malemy be, na be rano ny dikin'ny olona iray, dia voan'ny aretim-pivalanana izy. Raha toa ka misy zavatra madity sy rà amin'ilay diky dia voan'ny aretim-pivalanana-drà izy.


Ny aretim-pivalanana dia mety halefaka na mahery vaika. Mety hiseho tampoka (tampoka sy mahery vaika) na haharitra ela (maharitra andro maro).

Ny aretim-pivalanana dia mateti-pitranga ary mampidi-doza kokoa eo amin'ny zaza madinika, indrindra ireo tsy ampy sakafo.



Ity zaza ity dia misakafo tsara. Kely ny tahan'ny mety hahavoan'ny aretim-pivalanana azy. Raha voan'izany izy dia vetivety kely dia sitrana.

Ity zaza ity dia tsy ampy sakafo. Azo inoana ny hahavoan'ny aretim-pivalanana azy —ary mbola azo inoana kokoa ny mety ahafatesany noho izany.



Ny aretim-pivalanana dia misy antony maro. **Matetika dia tsy ilaina ny fanafody**, ary ho sitrana ao anatin'ny andro vitsy ilay zaza raha toa ka omenao Zava-pisotro Famerenan-drano sy sakafo betsaka. (Raha toa ka tsy dia misakafo loatra izy dia omeo sakafo kely im-betsaka ao anatin'ny tontolo andro). Indraindray dia mila fitsaboana manokana izy. Na izany aza, **ny ankabeazan'ny aretim-pivalanana dia azo tsaboina amin'ny fomba mahomby ao an-trano** eny fa na dia tsy azonao antoka aza ny mety ho antony na ireo antony nahatonga izany.

IREO ANTONY FOTOTRA MAHATONGA NY ARETIM-PIVALANANA:

ny tsy fahampian-tsakafo (p. 154) dia mampalemy ny zaza ka mahatonga ny aretim-pivalanana ateraky ny zavatra hafa ho mateti-pitranga sy ratsy indrindra
ny tsy fahampian'ny rano sy fahadiovana (tsy misy lava-piringa) dia manaparitaka ireo mikraoba mitondra aretim-pivalanana
tsimokaretina na 'gripan'ny tsinay'
otrikaretina ao amin'ny tsinay ateraky ny bakteria (p. 131), amiba (p. 144), na giardia (p. 145)
otrikaretina avy amin'ny kankana (p. 140 hatramin'ny 144) (tsy miteraka aretim-pivalanana ny ankabeazan'ny otrikaretina ateraky ny kankana)
otrikaretina ivelan'ny tsinay (aretin'ny sofina, p. 309; kambon-tenda, p. 309; kitroto, p. 311; otrikaretina mahazo ny taovam-pivalanandrano, p. 234)
tazo (karazana *falciparum*—amin'ny faritra sasany any Afrika, Azia, ary Pasifika, p. 186)
fanampoizinana ara-tsakafo (sakafo simba, p. 135)

VIH (ny aretim-pivalanana maharitra dia mety ho famantarana voalohany ny SIDA, p. 399)

tsy fahafahana mandevona ronono (indrindra amin'ny ankizy na olon-dehibe sasany izay voan'ny tsy fahampian-tsakafo mahery vaika)

fahasarotan'ny zaza amin'ny fandevonana ireo sakafo vaovao aminy (p. 154)

tsy fahazakana sakafo sasany (hazan-drano, orana, sns., p. 166); indraindray ny zazakely dia tsy mahazaka rononon'omby na ronono hafa

ny vokatra ateraky ny fanafody sasany, toy ny ampicilline na tetracycline (p. 58)

ny fampivalanana, fanafody fanadiovana ny ao anaty, zavamaniry mampangidihidy na misy poizina, poizina sasany

fihinanana voakazo manta na sakafo mavesatra be menaka

Fisorohana ny aretim-pivalanana:

Na dia maro samihafa aza ny antony mahatonga ny aretim-pivalanana, ireo tena mahazatra dia ny **otrikaretina sy tsy-fahampian-tsakafo**. Ny ankabeazan'ny aretim-pivalanana dia azo sorohana amin'ny **fahadiovana sy sakafo tsara**. Ary vitsy kokoa ny zaza matin'ny aretim-pivalanana raha toa ka voatsabo tsara amin'ny alalan'ny fanomezana **rano sy sakafo betsaka** izany.

Ny aretim-pivalanana ihany koa dia mampidi-doza be ho an'ny olona voan'ny VIH, indrindra ny ankizy. Ny fampiasana ny cotrimoxazole dia misoroka ny aretim-pivalanana eo amin'ny olona voan'ny VIH (jereo p. 357).

Ireo zaza tsy ampy sakafo dia mora voan'ny aretim-pivalanana ary mora matin'izany kokoa noho ireo zaza ampy sakafo. Ny aretim-pivalanana ihany koa dia azo lazaina ho anisan'ny anton'ny tsy-fahampian-tsakafo.

Ny tsy fahampian-tsakafo dia miteraka aretim-pivalanana. Ny aretim-pivalanana dia miteraka tsy fahampian-tsakafo.

Ary raha efa misy ny tsy-fahampian-tsakafo, kanefa mbola voan'ny aretim-pivalanana dia tena mihomboa haingana be izany.

Da mihodikodina eo samy mifanaratsy ny toe-javatra roa. Noho izany, **ny fihinanana sakafo tsara dia zava-dehibe ho an'ny fisorohana sy ny fitsaboana ny aretim-pivalanana**.

Sorohy ny tsy-fahampian-tsakafo dia ho voasoroka ny aretim-pivalanana. Sorohy amin'ny alalan'ny fisorohana ny aretim-pivalanana ny tsy fahampian-tsakafo.

Mba hianarana ireo sakafo izay manampy ny vatana hanohitra na hiady amin'ny aretina isan-karazany, ao anatin'izany ny aretim-pivalanana, dia jereo ny Toko 11.

Ny fisorohana ny aretim-pivalanana dia miankina amin'ny **sakafo tsara** sy ny fahadiovana. Maro ny torohevitra mikasika ny **fahadiovan**'ny tsirairay sy ny sarambabem-bahoaka omena ato anatin'ny Toko. Ao anatin'izany ny fampiasana lava-piringa, ny maha zava-dehibe ny **rano madio**, ary ny **fiarovana ny sakafo** amin'ny loto sy ny lalitra.

Ireto misy torohevitra lehibe hafa mba hisorohana ny aretim-pivalanana tsy ahazo ny zazakely:


- ◆ **Ampinonoana amin'ny nono izy fa tsy amin'ny tavoahangin-jazakely.** Aza omena afa-tsy nonon-dreny ihany izy mandritra ny enim-bolana voalohany. Ny nonon-dreny dia manampy ny zaza hanohitra ireo otrikaretina miteraka aretim-pivalanana. Raha toa ka tsy afaka atao ny mampinono azy mivantana dia omeo nono amin'ny kaopy sy sotrokely izy. **Aza mampiasa tavoahangin-jazakely** satria sarotra kokoa ny miaro ny fahadiovan'izany ary azo inoana fa hiteraka otrikaretina.



- ◆ Rehefa manomboka manome sakafo vaovao na ventin-tsakafo ny zaza ianao dia ataovy kely fotsiny izany amin'ny voalohany, potsero tsara ary afangaroy amin'ny nonon-dreny. Ny zaza dia mbola mianatra mandevona ny sakafo vaovao. Raha avy hatrany dia

omena betsaka amin'izany sahady izy dia ho voan'ny aretim-pivalanana. **Aza ajanona tampoka ny fanomezana nono azy. Atombohy ny fanomezana sakafo hafa azy ary tohizo foana ny fanomezana nono.**

- ◆ Ataovy madio foana ny zazakely—ary apetrao amin'ny toerana madio izy. Ezaho ny manakana azy tsy hanao zavatra maloto any am-bavany.
- ◆ Aza omena fanafody tsy ilainy ny zaza.



ILAY 'BORIBORY VETAVETA' MIKASIKA NY TSY FAHAMPIAN-TSAKAFO SY NY ARETIM-PIVALANANA DIA MAMONO NY ANKIZY MARO.

NY FAMPINONOANA DIA MANAMPY AMIN'NY FISOROHANA NY ARETIM-PIVALANANA

Fitsaboana ny aretim-pivalanana:

Tsy mila fanafody ny ankabeazan'ny trangan'aretim-pivalanana. Raha toa ka mahery vaika ilay aretim-pivalanana, ny loza indrindra dia ny **tsy fahampian-drano**. Raha toa ka maharitra fotoana maro ny aretim-pivalanana, ny loza indrindra dia ny **tsy-fahampian-tsakafo**. Ny ampahany lehibe indrindra amin'ny fitsaboana arak'izany, dia ny fanomezana **rano betsaka sy sakafo betsaka**. Na inona na inona anton'ilay aretim-pivalanana, tandremo tsara foana ireto manaraka ireto:

1. SOROHY NA FEHEZO NY TSY FAHAMPIAN-DRANO. Ny olona voan'ny aretim-pivalanana dia tokony misotro rano betsaka. Raha tena mahery vaika na misy famantarana tsy fahampian-drano dia omeo Zava-pisotro Famerenan-drano izy (p. 152). Eny fa na dia tsy te hisotro rano aza izy dia reseo lahatra moramora mba hanaiky hisotro. Omeo rano kely isaky ny minitra vitsy izy.

2. ARAHO NY OTRIKAINA ILAINA AMIN'NY SAKAFO. **Ny olona voan'ny aretim-pivalanana dia mila misakafo vantany vao afaka mihinana izy.** Zava-dehibe manokana izany ho an'ny zaza madinika na ireo olona izay efa tsy ampy sakafo. Rehefa voan'ny aretim-pivalanana ihany koa ny olona iray dia mandeha haingana be mankany amin'ny tsinay ny sakafo ka tsy nampiasain'ny vatany daholo. **Noho izany dia omeo sakafo im-betsaka izy ao anatin'ny tontolo andro**—indrindra raha tsy mihinana afa-tsy kely fotsiny izy.

- ◆ Ny zazakely voan'ny aretim-pivalanana dia tokony **tohizana ny fanomezanana nono azy**.
- ◆ Ny zaza tsy ampy lanja dia tokony mihinana sakafo feno hery sy sakafo mitaiza ny hozatra (proteina) amin'ny fotoana rehetra mahavoan'ny aretim-pivalanana azy—ary mbola omena kely ihany izy rehefa sitrana. Raha toa ka mijanona tsy mihinana izy satria marary loatra na mandoa dia tokony miverina mihinana avy hatrany raha vao afaka manao izany indray. **Ny fanomezana Zava-pisotro Famerenan-drano ny zaza dia manampy azy hihinana sakafo indray.** Na dia mampangery matetika aza ny fanomezana sakafo azy amin'ny voalohany dia hanavotra ny ainy izany.
- ◆ Raha toa ka voan'ny aretim-pivalanana maharitra andro maro na miverimberina matetika ny zaza tsy ampy lanja dia omeo sakafo matetika izy—farafahakeliny omena sakafo in-5 na in-6 isan'andro. Matetika dia tsy ilaina ny fitsaboana hafa.
- ◆ Raha azo atao dia omeo fanampina zinc ny zazakely na zaza voan'ny aretim-pivalanana (jereo p. 393).

SAHAFO HO AN'NY OLONA VOAN'NY ARETIM-PIVALANANA		
Raha mandoa ilay olona na marary be tsy mahinan-kanina dia tokony misotro:	Vantany vao afaka misakafo ilay olona, ho fanampin'ny lisitry ny zava-pisotro nomena etsy an-kavia, mila mihinana ireto sakafo voalanjanja manaraka ireto izy, sakafo mitovy aminy:	
Rony na ranom-bary, vovo-katsaka, na ovy	Sakafo feno hery	Sakafo mitaiza ny hozatra
Ranom-bary (misy vary kely nopotserina), akoho, hena, atody, na ron-tsaramaso	Akondro masaka na nandrahoina biski vary, flocons d'avoine, na voa tsara masaka hafa katsaka lena (masaka tsara ary nopotserina) ovy paoma nandrahoina papay	akoho (rony na atono) atody (ampangotrahina) hena (masaka tsara, tsy be tavin'ny na menaka) tsaramaso, lonjo, na pitipoa (masaka tsara ary nopotserina) trondro (masaka tsara) ronono (miteraka olana io indraindray, jereo ny pejy manaraka)
ZAVA-PISOTRO FAMERENAN-DRANO		
Nonon-dreny	(tsara ny manampy siramamy kely na menaka vita avy amin'ny zavamaniry amin'ilay serealy.)	
Yaourt na ronono naotrika		
AZA MIHINANA NA MISOTRO		
sakafo matavy na be menaka voankazo manta	Karazana fanafody mampivalana na manadio ny ao anaty	Sakafo matsiro be zava-pisotro misy alikaola

Ny aretim-pivalanana sy ny ronono:

Ny nonon-dreny no sakafo tsara indrindra ho an'ny zazakely. Manampy amin'ny fisorohana sy fiadiana amin'ny aretim-pivalanana izany.

Tohizo ny fanomezana nono rehefa voan'ny aretim-pivalanana ny zazakely.

Ny rononon'omby, vovon-dronono, na ronono ambifotsy dia loharanon-kery sy proteina. Tohizo ny fanomezana azy ireny ny zaza voan'ny aretim-pivalanana. Vitsy amin'ireo zaza no voan'ny aretim-pivalanana aterak'ireo ronono ireo. Raha toa ka mitranga izany dia ezaho ahenana ny fanomezana ronono azy ary afangaroy amin'ny sakafo hafa izany. Saingy tadidio fa: **ny zaza tsy ampy sakafo nefa voan'ny aretim-pivalanana dia tsy maintsy mihinana sakafo misy hery sy proteina.** Raha toa ka ahenanao ny fanomezana azy ronono dia tokony ampiana sakafo tsara masaka sy nopotserina toy ny akoho, tamenak'atody, hena, na tsaramaso izany. Ny tsaramaso dia mora levonina raha esorina ny hodiny ary nandrahina sy nopotserina.

Rehefa mihasitrana ilay zaza dia hahavita hisotro ronono betsaka ka tsy ho voan'ny aretim-pivalanana noho izany.

Fanafody ho an'ny aretim-pivalanana:

Ny ankabeazan'ny trangan'aretim-pivalanana dia tsy mila fanafody. Saingy misy fotoana, ny fampiasana ny fanafody mety aminy dia ilaina. Na izany aza, maro amin'ireo fanafody ampiasaina amin'ny aretim-pivalanana no tsy tena manasitrana na tsy manasitrana mihitsy. Ny sasany aza dia manimba mihitsy:

RAHA NY TOKONY HO IZY DIA TSARA KOKOA NY TSY MAMPIASA IRETO FANAFODY
AMPIASAINA AMIN'NY FITSABOANA ARETIM-PIVALANANA MANARAKA IRETO:

Ireo fanafody 'Miady amin'ny aretim-pivalanana' misy kaolin sy pectin (toy ny *Kaopectate*, p. 383) dia mampatevina ny fivalanana ary mampahalana izany. Saingy tsy manitsy ny tsy fahampian-drano na mifehy ny otrikaretina izy ireny. Ny fanafody miady amin'ny aretim-pivalanana sasany toy ny loperamide (*Imodium*) na ny diphenoxylate (*Lomotil*) aza dia mety hanimba ary hampaharitra ny otrikaretina.

IREO 'FANAFODY MIADY AMIN'NY ARETIM-PIVALANANA' DIA
TOY NY FITAOVAM-PAMENTSANANA IZAY MISAKANA ILAY
OTRIKARETINA IZAY TSY HIVOAKA.

Ny fangaro 'miady amin'ny aretim-pivalanana' izay misy neomycin na streptomycin dia tsy tokony ampiasaina. Tsy mampahazo aina ny tsinay izany ary manimba kokoa fa tsy manasitrana.

Ny antibiotika toy ny ampicillin sy tetracycline dia tsy ilaina raha tsy amin'ny trangan'aretim-pivalanana **sasany** (jereo p. 158). Saingy miteraka aretim-pivalanana ihany koa izy ireo, indrindra eo amin'ny zaza madinika. Raha toa ka miharatsy ilay areti-mpivalanana fa tsy mihatsara aorinan'ny fihinanana ireo antibiotika ireo mihoatra ny 2 na 3 andro, ajanony ny fihinanana azy—ny antibiotika no mety ho anton'izany.

Ny fihinanana **Chloramphenicol** dia somary mampidi-doza (jereo p. 356) ary tsy tokony ampiasaina amin'ny aretim-pivalanana maivana na omena ireo zazakely latsaky ny 1 volana **Ny fanafody fampivalanana sy fanadiovana ny ao anaty** dia tsy tokony omena ireo olona voan'ny aretim-pivalanana. Vao maika hampihombo ny aretina izany ary hampitombo ny trangan'ny tsy fahampian-drano.

Fitsaboana manokana ireo trangan'aretim-pivalanana samihafa:

Raha toa ka mahomby kokoa ny fitsaboana ny trangan'aretim-pivalanana sasany amin'ny alalan'ny fanomezana **rano** sy **sakafo** betsaka, ary **tsy omena fanafody**, indraindray misy fitsaboana manokana ilaina.

Rehefa mieritreritra ny fitsaboana ianao dia tadidio tsara fa ny trangan'aretim-pivalanana, indrindra eo amin'ny zaza madinika dia ateraky ny **otrikaretina ivelan'ny tsinay**. Jereo hatrany ny **otrikaretina mahazo ny sofina**, ny **tenda**, ary **ny fitaovam-pivalanan-drano**. Tsy maintsy tsaboana ireo otrikaretina ireo raha hita. Jereo ihany koa sao voan'ny **kitrotro**.

Raha toa ka voan'ny aretim-pivalanana malefaka ilay zaza ary arahan'ny famantarana sery, ilay aretim-pivalanana dia mety ateraky ny otrikaretina na 'gripan'ny tsinay' ka tsy mila fitsaboana manokana. Omeo rano betsaka sy ireo sakafo rehetra ekeny hoanina ilay zaza.

Amin'ny trangan'aretim-pivalanana misy fahasaratana, ny fitiliana ny diky na fitiliana hafa dia mety ilaina mba ahafantarana ny fomba hitsaboana izany ara-dalàna. Saingy matetika dia ho fantatrao izany amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana manokana, fijerena ilay diky, ary ny fitadiavana famantarana sasany. Ireto misy torolàlana vitsivitsy mikasika ny fitsaboana arakaraky ny famantarana.

1. Aretim-pivalanana mitranga tampoka, tsy mahery vaika. Tsy misy hafanana. (Tsy mahazo aina ny vavony? 'Gripan'ny tsinay?')

- ◆ Misotroa rano betsaka. Matetika dia tsy mila fitsaboana manokana izany. Tsy dia tsara ny mampiasa fanafody 'manakana ny aretim-pivalanana' toy ny kaolin misy pectin (Kaopectate, p. 383) na diphenoxyate (Lomotil). Tsy ilaina izy ireo ary tsy manampy amin'ny fanitsiana ny tsy fahampian-drano na hitsaboana ilay otrikaretina, koa inona no antony handaniana vola amin'izany? Aza omena ny olona tena marary be, na ny ankizy madinika ireo fanafody ireo.

2. Aretim-pivalanana miampy fandoavana. (Antony maro)

- ◆ raha toa ka sady mandoa ny ny olona voan'ny aretim-pivalanana dia lehibe tokoa ny mety hahavoan'ny tsy fahampian-drano azy, indrindra eo amin'ny zaza madinika. Zava-dehibe ny fanomezana ilay Zava-pisotro Famerenan-drano (p. 152), dite, lasopy, na izay rano rehetra afaka sotroiny. **Tohizo foana ny fanomezana ilay Zava-pisotro eny fa na dia mbola aloany ihany aza izany avy eo.** Mbola hisy tafajanona ihany ao anatin'ny. Omeo kely isaky ny 5 hatramin'ny 10 minitra izy.
- ◆ Raha toa tsy vitanao ny mifehy ny fandoavana na miharatsy ilay tsy fahampian-drano dia mitadiava dokotera na mpitsabo haingana.



3. Aretim-pivalanana madity sy misy rà. Maharitra ela matetika. Tsy misy hafanana. Mety mivalana indraindray ary amin'ny andro sasany mitohana. (Mety ho fivalanan-drà ateraky ny amiba izany. Raha mila fanazavana amin'ny antsipirihiny, jereo ny pejy 144.)

- ◆ Mampiasà metronidazole (p. 368). Hano araky ny fatra natoro ilay fanafody. Raha mbola mitohy ny aretim-pivalanana aorian'ny fitsaboana dia mitadiava torohevitra ny dokotera.

4. Aretim-pivalanana mahery vaika misy rà, misy hafanana. (Fivalanan-drà ateraky ny Shigella)

◆ Omeo ciprofloxacin ny olon-dehibe, 500 mg. in-2 isan'andro mandritra ny 3 andro (jereo p.356). saingy ny vehivavy mitondra vohoka sy ny ankizy latsaky ny 18 taona kosa dia tsy tokony mampiasa ciprofloxacin. (Ho an'ny zaza latsaky ny 8 herinandro, mitadiava dokotera.) Ny Shigella matetika dia tsy isan'ny ampicillin (p. 352) sy cotrimoxazole (p. 357) saingy mbola ampiasaina ihany izy ireo indrindray. Raha toa tsy mitondra fiovana ao anatin'ny 2 andro ny fanafody voalohany nandramanao dia andramo ny fanafody iray hafa na mitadiava fanampiana ara-medikaly. Ireo vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana cotrimoxazole mandritra ireo 3 volana voalohany (jereo p. 357). Ny azithromycin dia mandaitra ihany koa ary azo antoka mandritra ny fitondrana vohoka sy ho an'ny ankizy. Ho an'ny olon-dehibe, omeo 500 mg izy ateliny ao anatin'ny andro voalohany, ary tohizana 250 mg in-drainy isan'andro mandritra ny 4 andro. Mikasika ny fatra ho an'ny ankizy dia manantòna mpiasan'ny fahasalamana.

5. Aretim-pivalanana mahery vaika miaro hafanana, matetika misy rà.

- ◆ Ny hafanana dia mety ateraky ny tsy fahampian-drano. Omeo Zava-pisotro Famerenan-drano (p. 152). Raha toa ka marary be ilay olona ka tsy mety mihatsara ny fahasalamany ao anatin'ny 6 ora aorian'ny nanombohana ny fanomezana azy ny Zava-pisotro Famerenan-drano, mitadiava fanampian'ny mpiasan'ny fahasalamana.
- ◆ Jereo ny famantarana ny tefoedra. Raha misy izany dia tsaboy amin'ny fomba fitsaboana tefoedra izy (jereo p. 188).
- ◆ Any amin'ny faritra itrangan'ny tazo falciparum matetika, tsaboy amin'ny fanafody tazo ihany koa ilay olona voan'ny aretim-pivalanana sy hafanana (jereo p. 186), indrindra raha mivonto ny arin'ilay olona(misy "atody-tazo=rate).

6. Aretim-pivalanana miloko mavo, maimbo ary miboiboika na mandroatra, tsy misy rà na madity.

Matetika misy rivotra ao anaty kibo, maimbo toy ny solifara ny rezatra.

- ◆ mety ateraky ny katsentsitra antsoina hoe giardia izany (jereo p. 145) na mety ho tsy fahampian-tsakafo. Ny fitsaboana tsara indrindra ho an'ireo dia ny fisotroana rano betsaka, fihinanana sakafo be otrikaina ary ny fankàna aina. Ny otrikaretina mahery vaika ateraky ny giardia dia afaka tsaboana amin'ny metronidazole (p. 368). Quinacrine (*Atabrine*) dia mora vidy kokoa saingy misy voka-dratsiny (p. 369).

7. Aretim-pivalanana maharitra ela (aretim-pivalanana mitohy ela be na miverimberina).


- ◆ Mety ho tsy fahampian-tsakafo no anton'izany, na mety otrikaretina misoko mangina toy izay ateraky ny amiba na ny giardia. Araho maso ny zaza mba hihinana sakafo be otrikaina im-betsaka ao anatin'ny tontolo andro (p. 110). Raha mbola mitohy ny fivalanana dia manantòna mpiasan'ny fahasalamana.

8. Aretim-pivalanana toy ny ranom-bary. (Kôlerà)

- ◆ Ny diky miendrika 'ranom-bary' ary betsaka dia mety famantarana ny kôlerà. Any amin'ny tanàna itrangan'io areti-mandoza io, ny kôlerà dia mateti-piseho amin'ny endrika *valan'aretina* (mamealy olona maro) ary ratsy kokoa eo amin'ny ankizy lehibe sy ny olon-dehibe. Mihombo haingana be ny tsy fahampian-drano mahery vaika, indrindra rehefa miampy fandoavana izany. Zava-dehibe ny fitsaboana tsy ankijanona ny tsy fahampian-drano amin'ny alalan'ny zava-pisotro famerenan-drano ary misotroa rano hafa (jereo p. 152). Ny kôlerà dia tokony ampahafantarina ireo tompon'andraikitra ny fahasalamana. Mitadiava fanampiana amin'ny mpiasan'ny fahasalamana.

Ny 'fandriana natokana ho an'ny kôlerà'

toy ity dia azo amboarina ho an'ny olona voan'ny aretim-pivalanana mahery vaika. Diniho tsara ny habetsaky ny rano very amin'ilay olona ary ataovy izay hisotroana Zava-pisotro Famerenan-drano betsaka. Omeo rano tsy ankijanona izy, ary ataovy misotro rano betsaka faran'izay azony atao.



Tahony
vita amin'ny
plastika

Fikarakarana ny Zazakely Voan'ny Aretim-pivalanana


Ny aretim-pivalanana dia ratsy be kokoa eo amin'ny zazakely sy zaza madinika. Matetika dia tsy ilaina ny fampiasana fanafody, saingy mila fikarakarana manokana kosa satria ny zazakely dia mety ho faty haingana be nohon'ny tsy-fahampian-drano.

- ◆ **Tohizo ny fampinonoana azy** ary omeo **Zava-pisotro Famerenan-drano** tsikelikely ihany koa.
- ◆ Raha mandoa izy dia omeo nono matetika saingy ataovy kely fotsiny isaky ny manome. Omeo **Zava-pisotro Famerenan-drano** tsikelikely ihany koa isaky ny 5 hatramin'ny 10 minitra (jereo ny Fandoavana, p. 161).
- ◆ Raha tsy misy nonon-dreny dia ezaho ny manome azy tsikelikely ronono hafa afaka mahasolo ny nonon-dreny (toy ny ronono soja), ka **afangaroy rano nampangotrahina amin'ny atsakany ny fatrany**. Raha toa vao maika manaratsy ilay aretim-pivalanana izany dia omeo proteina hafa izy (akoho nopotserina, atody, hena mahia, na tsaramaso novoasana sy nopotserina, nafangaro tamin'ny siramamy na vary masaka tsara na carbohydrate hafa, sy rano nampangotrahina).
- ◆ Raha azo atao dia omeo zinc fanampiny (jereo p. 393).
- ◆ Raha toa mbola latsaky ny volana ilay zazakely dia ezaho ny manantona mpiasan'ny fahasalamana alohan'ny hanomezana fanafody azy. Raha toa ka tsy misy mpiasan'ny fahasalamana nefa marary be ilay zaza dia omeo 'sirô ho an'ny zaza' misy ampicillin izy: tapaky ny sotrokely in-4 isan'andro (jereo p. 352). Tsara kokoa raha tsy mampiasa antibiotika hafa.

OMEO NONON_DRENY IZY



ARY AMPIO ZAVA-PISOTRO FAMERENAN-DRANO



Amin'ny Fotoana Inona no Mandeha Mitady Fanampiana Ara-medikaly amin'ny Trangan'aretim-pivalanana






Ny aretim-pivalanana sy ny fivalanana-drà dia mampidi-doza—indrindra eo amin'ny zaza madinika.

Tsy maintsy mitady fanampian'ny mpiasan'ny fahasalamana ianao amin'ireto tranga manaraka ireto:

- raha maharitra mihoatra ny 4 andro ny aretim-pivalanana ka tsy mihatsara—na mihoatra ny 1 andro ho an'ny zazakely ary mahery vaika ny aretim-pivalanana
- raha maneho famantarana tsy-fahampian-drano ilay olona ary miharatsy izany
- raha aloan'ilay zaza avokoa izay rehetra sotroiny, na tsy misotro na inona na inona izy, na mitohy mandoa matetika mandritra ny adin'ny 3 no mihoatra aorian'ny fanomezana Zava-pisotro Famerenan-drano
- raha manomboka mifanintona ilay zaza, na mivonto ny tongotra sy ny tarehiny
- raha marary be ilay olona, na malemy, na tsy ampy sakafo alohan'ny niantombohan'ny aretim-pivalanana (indrindra ny zaza madinika na olona efa nahazo taona)
- raha betsaka ny rà ao anatin'ny diky. Mety hampidi-doza izany na dia kely fotsiny aza ny fivalanana (jereo ny Tsinay tsentsina, p. 94).

NY FIKARAKARANA NY OLONA VOAN'NY ARETIM-PIVALANANA MAHERY VAIKA

ARETIM-PIVALANANA



MITADIAVA FANAMPIANA ARA-MEDIKALY

Sitra

FANDOAVANA

Maro amin'ny olona, indrindra ny ankizy, no voan'ny 'fikorontanan'ny vavony' tsindraindray ary mandoa. Matetika dia tsy hita ny anton'izany. Mety aretim-bavony malefaka na aretin'ny tsinay na manavy. Ity karazana fandoavana tsotra ity dia tsy mahery vaika ary afaka ho azy.

Ny fandoavana dia iray amin'ireo famantarana olana isan-karazany, ny sasany maivana fa ny sasany kosa mety hitera-doza, koa zava-dehibe ny mizaha tsara ilay olona. Ny fandoavana dia avy amin'ny olana eo amin'ny vavony na tsinay matetika, toy ny: otrikaretina (jereo ny aretim-pivalanana, p. 135), fanapoizinana avy amin'ny sakafo efa samba (p. 135), na 'aretin-kibo manindrona' (ohatra hoe appendicite na zavatra manentsina ny tsinay, p. 94). Ny ankabeazan'ny aretina mampisy hafanana ambony be na fanaintainana mafy dia mety mampandoa, indrindra ny tazo (p. 186), ny hepatitis (p. 172), kambon-tenda (p. 309), aretin-tsofina (p. 309), menenzita (p. 185), otrikaretina mahazo ny taovam-pivalanan-drano (p. 234), fanaintainan'ny afero (p. 329) na aretin'andoha mahery vaika (p. 162).



Ny famantarana ny loza miaraka amin'ny fandoavana—mitadiava haingana ny fanampian'ny mpiasan'ny fahasalamana!

- tsy fahampian-drao mihamitombo ka tsy voafehinao (p. 152)
- fandoavana be maharitra mihoatran'ny 24 ora
- fandoavana mahery vaika, indrindra raha miloko maitso be, volon-tany na maimbo toy ny diky ilay (famantarana fanentsenana, p. 94)
- fanaintainana tsy mijanona ao amin'ny tsinay, indrindra raha tsy afaka mangery ilay olona na tsy henonao maneno ny kibony rehefa ataonao eo ambonin'ny kibony ny sofinao (jereo ny aretin-kibo manindrona: tsentsina, appendicite, p. 94)
- mandoa rà (fery ao anaty vavony, p. 128; aretin-tselan'aty, p. 328)

Mba hifehezana ny fandoavana dia:



- ♦ Aza mihinana na inona na inona raha toa ka mahery vaika ny fandoavana.
- ♦ Misotroa Coca-Cola na zava-pisotro misy entona vita amin'ny gingembre. Ny dite ravina sasany toy ny camomille ihany koa dia mety hanampy.
- ♦ Raha toa ka tsy ampy rano dia ampisotroy coca kely, dite, na zava-pisotro famerenan-drano (p. 152).
- ♦ Raha tsy mijanona haingana ny fandoavana dia ampiasao ny fanafody fifehezana fandoavana toy ny promethazine (p. 385) na diphenhydramine (p. 386). Saingy aza omena ireo fanafody ireo ny zaza latsaky ny 2 taona.

Ny ankamaroan'ireo fanafody ireo dia miendrika pilina, sirao, tsindrona, ary suppositoires (pilina malefaka asitrikao any anaty *lava-body*). Ny vongam-panafody sy ny sirô ihany koa dia afaka alefa any anaty lava-body. Poteho ao anaty rano kely ilay vongam-panafody. Ataovy ao anatin'ny fanadiovana ny tsinay na fitaovam-panindronana tsy misy fanajitra izany.

Rehefa mihinana fanafody, ny fanafody dia tokony hoanina miaraka amin'ny rano kely ary tsy tokony mitelina zavatra hafa mandritra ny 5 minitra. Aza manome mihoatra ny fatra natoro mihitsy. Aza omena fatra fanin-droany raha tsy efa voahitsy ny tsy fahampian-drano ary manomboka mivalan-drano ilay olona. Raha toa ka manasarotra ny fitelemana na fandefasana ny fanafody any anaty lava-body ny fandoavana sy ny aretim-pivalanana mahery vaika dia omeo tsindrona amin'ny iray amin'ireo fanafody mifehy ny fandoavana izy. Ny promethazine no mandaitra indrindra. Tandremo tsy omena be loatra amin'izany ilay olona.

ARETIN'ANDOHA SY FANAINAINAN'NY LOHA

Ny ARETIN'ANDOHA TSOTRA dia afaky ny fitsorana sy ny fihinanana aspirinina. Manampy ihany koa ny fametrahana lamba nolemanana tamin'ny rano mamay ao amin'ny hatoka na ny manotra moramora ny hatoka sy ny soroka. Ny fanafody amboarina ao an-trano ihany koa dia toa mandaitra.

Ny aretin'andoha dia mateti-pitranga raha voan'ny aretina misy hafanana. Raha mahery vaika ny aretin'andoha dia zahao ny famantarana menenzita (p. 185).

Ny aretin'andoha miverimberina dia mety ho famantarana aretina mitaiza, tsy fahampian-tsakafo, na akora simika ao ampiasana na eo amin'ny tontolo iainana. Zava-dehibe ny misakafo tsara sy ny matory tsara. Raha ahianao fa akora simika no niteraka ilay aretin'andoha na tsy mety afaka ilay izy dia miresaha amin'ny mpiasan'ny fahasalamana.

Ny **FANAINAINAN'NY LOHA** dia aretin'andoha manakotsako mateti-pitranga eo amin'ny ila-loha irery ihany. Ny fanaintainan'ny loha dia mety mitranga matetika, na mifanelanelana amam-bolana na amantaonany.

Ny fanaintainan'ny loha mahazatra dia miantomboka amin'ny fanjavonan'ny maso, fahitana jirokely mipipika hafahafa, voly ny tãnana na ny tongotra. Araham'ny aretin'andoha mahery vaika izay maharitra ora maro na andro maro izany. Matetika dia mandoa ilay olona. Manaintaina be io aretin'andoha io fa tsy mampidi-doza akory.


**MBA HANAJANONANA NY FANAINAINAN'NY LOHA DIA
ATAOVY IRETO MANARAKA IRETO VAO MITRANGA NY
FAMANTARANA VOALOHANY:**

- ◆ Mihinana aspirinina miisa 2 miaraka amin'ny kafe mahery be na dite mainty mahery be iray kaopy.
- ◆ Matoria ao anaty efitrano maizina sy milamina. Ataovy izay ahazoanao aina. Aza mientreritra ny olanao.
- ◆ Ho an'ny loha manaintaina be loatra dia mihinana aspirinina, raha azo atao dia ampiaraho amin'ny codeine, na sedative hafa. Mety koa ny mihinana pilina ergotamine misy kafeinina (Cafergot, p. 379). Mitelina pilina 2 amin'ny voalohany ary pilina 1 isaky ny 30 minitra mandrapihafan'ilay fanaintainana. Aza mihinana pilina mihoatra ny 6 ao anatin'ny 1 andro.


TANDREMO: Aza mampiasa Cafergot mandritra ny fitondrana vohoka.

Ho an'ny aretin'andoha tsotra na ateraky ny sorisory, ny fitsaboana taloha dia mandaitra toy ny fanafody maoderina.

Fitsaboana taloha



aspirinina



aspirinina



SERY SY GRIPA

Ny sery sy gripa dia otrikaretina mahazatra izay miteraka orona mitsory lelo, kohaka, marary tenda, ary fanaviana na fanaintainan'ny vanin-taolana. Mety misy aretim-pivalanana malefaka, indrindra eo amin'ny zaza madinika.

Ny sery sy ny gripa dia afaka ho azy tsy mila fanafody amin'ny ankapobeny. **Aza mampiasa penicillin, tetracycline, na antibiotika hafa**, satria tsy mandaitra akory ireny ary mety hanimba.



- ◆ Misotroa rano betsaka ary makà aina.
- ◆ Ny aspirinina (p. 378) na acetaminophen (p. 379) dia manampy mampidina ny hafanana ary mampahazo aina ny fanaintainan'ny vatana sy ny loha.
Ny 'vongam-panafody ho an'ny sery' lafo vidy kokoa dia tsy tsara noho ny aspirinina. Maninona no mandany vola?
- ◆ Tsy mila sakafo manokana. Na izany aza, ny ranom-boankazo, indrindra fa ny voasary na voasary makirana dia manampy.

Ho an'ny fitsaboana ny kohaka sy ny orona tsentsin'ny sery dia jereo ny pejy manaraka.

TANDREMO: Aza omena antibiotika na tsindrona mihitsy ny zaza voan'ny sery tsotra. Tsy handaitra izany ary mety hanimba ny zaza.

Raha to aka maharitra mihoatra ny erinandro ny sery, na misy hafanana, mikohaka ary be *rehoka* (misy nana) ilay olona, misefo haingana sy lalina be na marary ny tratrany, mety hivadika braonsita na pnemonia izany (jereo p. 170 sy 171). Mety mila antibiotika amin'izay fotoana izay. Ny mety hivadihan'ny sery ho pneumonia dia lehibe tokoa eo amin'ny olona efa zokinjokiny, eo amin'ireo manana olana eo amin'ny avokavoka toy ny braonsita mitaiza, eo amin'ny olona tsy dia afaka mihetsika firy, ary eo amin'ny olona voan'ny VIH. Ny olona voan'ny VIH dia afaka mihinana cotrimoxazole isan'andro mba hisorohana ny pnemonia sy otrikaretina haha (jereo p. 357).

Ny aretin-tenda matetika dia ao anatin'ny sery. Tsy mila fanafody izany, saingy hanampy ny fanaovana gararaka amin'ny rano mafana. Na izany aza, raha mitranga tampoka ny aretin-tenda ary misy hafanana ambony be dia mety ho aretin-tenda ateraky ny *streptocoque* izany. Mila fitsaboana manokana izany (jereo p. 309).

Fisorohana ny sery:



- ◆ Ny fatoriana tsara sy ny fihinanana sakafo tsara dia manampy amin'ny fisorohana ny sery. Ny fihinanana voasary, voatabia, ary voankazo hafa misy vitamina C dia manampy ihany koa.
- ◆ Mifanohitra amin'ny finoan'ny olona, ny sery dia tsy azo avy amin'ny hatsiaka na hamandoana (na dia mampihombo ny sery tokoa aza ny fanaovana mangatsiaka loatra, lena, na vizaka). Ny sery dia 'azo' avy amin'ny olon-kafa misy ilay otrikaretina ka nievona ary nanaparitaka ilay otrikaretina eny amin'ny rivotra.
- ◆ mba hisorohana ny sery tsy hifindra dia tokony misakafy sy matory amin'ny toerana voatokana ny olona marary—ary tandremo tsara, alaviro ny zazakely izy. Tokony tampenany ny orony sy ny vavany rehefa mikohaka na mievona izy.
- ◆ Mba hisorohana ny sery tsy hitarika aretin-tsofina (p. 309), **ezaho tsy ahisina ny orona—fafao fotsiny ihany**. Ampianaro hanao izany koa ny ankizy.

ORONA TSENTSINA SY MITSORY RANON-DELO

Ny orona tse-tsina na mitsory ranon-delo dia avy amin'ny sery na tsy fahazakàna zavatra (jereo ny pejy manaraka). Ny fisian'ny lelo be ao anaty orona dia mety hiteraka otrikaretin'ny sofina eo amin'ny zaza na olan'ny sina (sinus) eo amin'ny olon-dehibe.

Mba hanadiovana ny orona tse-tsina dia ataovy ireto manaraka ireto:

1. Eo amin'ny zazakely, sintony hivoaka ny orona amin'ny fitaovam-pisintonana na fitaovam-panindronana **tsy misy fanjaitra**, toy izao ilay lelo:



2. Ny ankizy lehibe na ny olon-dehibe dia afaka mametraka ranon-tsira kely eo amin'ny tanany ary mitroka izany amin'ny orona manampy ny lelo handranoka izany. Tsy tokony be sira loatra ilay rano. Sira 1/4 sotrokely afangaro amin'ny rano iray kaopy dia ampy.

3. Mievoka rano mangotraka toy ny atoro ao amin'ny pejy¹⁶⁸ dia manampy amin'ny fanadiovana ny orona tse-tsina.

4. Fafao ny orona tse-tsina na mitsory ranon-delo fa aza **ahisina**. Ny manisina ny orona dia mety hiteraka aretin'ny sofina na otrikaretin'ny sina (sinus).

5. Ireo olona voan'ny aretin-tsofina na olana eo amin'ny sina (sinus) rehefa avy voan'ny sery dia afaka misoroka izany amin'ny alalan'ny fampiasana mpanala-tse-tsina ny orona misy phenylephrine na ephedrine (p. 383). Rehefa avy nisintona ranon-tsira kely tamin'ny orona dia ataovy mitete ao anaty orona toy izao ilay izy:

Atongilano ny loha, asio in-2 na 3 mitete ao anatin'ny lavak'orona nahazo ny toerana ambany rehefa tatongilana ny loha. Miandrasa roa minitra eo no ho eo ary ataovy koa ny ilany.

TANDREMO: Aza mampiasa mpanala tse-tsina mihoatra ny in-3 isan'andro, ary aza atao mihoatra ny 3 andro.

Ny sirô mpanala tse-tsina ny orona (misy phenylephrine na zavatra mitovy amin'izany) dia mety hanampy ihany koa.



Sorohy ny aretin'ny sofina sy ny sina (sinus)—aza ahisina ny orona fa fafao fotsiny.

ARETINA SINIOZITA (SINUSITE)


Ny siniozita dia fivontosana mandala na mitaiza (maharitra) ny sina (sinus) na lavaka eo amin'ny taolana misokatra mifandray amin'ny orona. Matetika izany dia mitranga rehefa avy voan'ny aretintsofina na tenda ny olona iray, na avy voan'ny sery be.

Famantarana:

- Marary ny faritry ny tava ambony sy ambanin'ny maso, eto (Marary kokoa izany raha somary pehana kely eo ambonin'ireo taolana voalaza na rehefa miondrika ilay olona).
- Ny lelo na nana matevina ao anaty orona, mety misy fofona maimbo.

Tsentsina matetika ny orona.

- Fanaviana (indraindray).
- Mety marary ny nify sasany.



Fitsaboana:

- ◆ Misotro rano betsaka.
- ◆ Misintona ranon-tsira kely any anaty orona (jereo p. 164), na mievoka entona avy amin'ny rano mamay be mba hanamaivanana ny orona (jereo p. 168).
- ◆ Asio lamba kely fanaronam-pery (kaompresy) mafana eo amin'ny tava.
- ◆ Mampiasa fanalana tsentsina ny orona atete toy ny phenylephrine (Neo-synephrine, p. 383).
- ◆ Mampiasa antibiotika toy ny tetracycline (p. 356), ampicillin (p. 352), na penicillin (p. 352).
- ◆ Raha tsy mihatsara ny fahasalaman'ilay olona dia manatona dokotera.

Fisorohana:

Rehefa voan'ny sery sy tsentsina ny oronao dia ezaho hatrany ny manamaivana ny tsentsina. Araho ireo torohevitra ao amin'ny pejy 164.

TSY FAHAZAKANA RIVOTRA (RHINITE ALLERGIQUE)

Orona mitsory sy maso mangidihidy dia mety nohon'ny tsy fahazakana zavatra misy ao anatin'ny rivotra nofohan'ilay olona (jereo ny pejy manaraka). Matetika dia mihetsika be izany amin'ny fotoana voafaritra ao anatin'ny taona.

Fitsaboana:

Mampiasa antihistaminique toy ny chlorpheniramine (p. 386). Ny Dimenhydrinate (Dramamine, p. 386), matetika amidy hisorohana ny tsy fahazakana fitaovam-pitaterana (toy ny fiara, sambo, fiaramanidina ets..) dia mandaitra ihany koa.



Fisorohana:

Zahao ireo zavatra miteraka io tsy fahazakana io (ohatra: vovoka, volon'akoho, vovom-bony, bobongolo) ary ezaho ny miala lavitra izany.

TOHANA (alergia)

Ny tohana dia fikorontanana na tsy-fahazakana izay manjo ny olona iray rehefa . . .

- tafiditra any an’orony
- nohaniny
- notsindronina tao anatin’ny
- na voakasiky ny hodiny ireo zavatra mahasarotiny azy na tsy zakany.

Ireo tohana izay mety malefaka na mampidi-doza dia:

- bontsibontsina, faritra mibontsin-drano, na tandomerina mangidihidy (p. 203)
- orona mitsory ranon-delô sy mangidihidy na maso mangirifiry (tsy-fahazakana rivotra, p. 165)
- mangidihidy ny tenda, fahasaratana mifoka rivotra, na asma (jereo ny pejy manaraka)
- tsy-fahazakana mahery vaika (p. 70)
- areti-pivalanana (eo amin’ny zaza tsy mahazaka ronono—anton’ny aretim-pivalanana izay tsy mateti-pitranga, p. 156)

Tsy otrikaretina ny tsy-fahazakana ary tsy mifindra avy amin’ny olona iray mankany amin’ny iray hafa. Na izany aza, ireo zaza ateraky ny ray aman-dreny tsy mahazaka zavatra dia tsy ahazaka zavatra ihany koa.



Ny olona tsy mahazaka zavatra matetika dia mijaly kokoa mandritra ny tonon-taona sasany—na isaky ny manakaiky ilay zavatra manelingelina azy. Ireo trangan’ny tsy fahazakana mahazatra dia:



Volon’akoho



Volon-tsaka na biby hafa



Fanafody sasany indrindra ny tsindrona Penicilline na serôma avy amin’ny soavaly (jereo p. 70)



kapok or feather ondana misesika kapoaka na volom-borona




akora simika ao an-trano,

ASMA

Ny olona voan'ny asma dia misy fihetsehana na fahasaratana miaina. Enoy ny feo toy ny sioka na misohiaka ao anaty tratrany indrindra rehefa mamoaaka rivotra amin'ny orony izy. Rehefa miezaka mifoka rivotra izy dia milempona ny hoditra ao ambadiky ny taolampanavy sy eo anelanelan'ireo taolan-tehezana. Raha toa ka tsy mahazo rivotra tsara ilay olona dia lasa mangana ny hohony sy ny molony, ary mety hivonto ny lalan-drà eo amin'ny tendany. Matetika dia tsy misy hafanana izy.

Mifohaza
rehefa
miaina



Ny asma matetika dia miantomboka amin'ny fahazazàna ary mety ho olana mandritra ny fiainana manontolo.

Tsy mifindra ny asma saingy mety ho voan'izany ny ankizy izay manana havana voan'ny asma. Amin'ny ankapobeny dia mihetsika be izany mandritra ny volana sasany ao anatin'ny taona na amin'ny alina.

Ny fihetsehan'ny asma dia mety ateraky ny fihinanana zavatra ny mifoka rivotra tsy zakan'ilay (jereo p. 166). Ho an'ny zaza, ny asma dia manomboka amin'ny sery. Ny sorisory sy ny fiasana saina dia mety hitarika fihetsehan'ny asma. Ny asma ihany koa dia mety ateraky ny rivotra tsy madio (rivotra maloto), toy ny setroky ny sigara, ny afo fandrahoan-tsakafo atao ao an-trano, dorotanety, na fiara na kamiao.

Fitsaboana:

- ◆ Raha vao maika miharatsy ilay asma rehefa ao an-trano, tokony mivoaka mandeha amin'ny toerana faran'izay madio rivotra ilay olona. Mitonia ianao ary tambatambazo ilay olona. Omeo toky izy.
- ◆ Omeo rano betsaka izy. Hampandranoka ny rehoka izany ary hanamora ny fifohana rivotra. Ny mievoka ihany koa dia mety hanampy (jereo p. 168).
- ◆ Ny kafe mahery sy dite mainty dia hanampy hanamaivana ny fihetsehan'ny asma raha toa ka tsy manana fanafody ianareo
- ◆ Rehefa mihetsika ny asma dia tsaboy amin'ny fitaovam-pifohana rivotra vonjy maika
salbutamol (albuterol, jereo p. 384) matetika araka izay ilaina. Fanafody afotsitsitra any am-bava ary trohanao faran'izay lalina izy io.
- ◆ Ho an'ny fihetsehana matetika na asma izay mahatonga anao ho sempotra rehefa mandeha tongotra mandritra ny fanaovana fanatanjahan-tena malefaka, dia ampiasao ihany koa ilay fitaovam-pifohana rivotra (beclomethasone, jereo p. 384).



Jereo ny p. 384
raha te hianatra
hanisy elanelany
amin'ny fifohana
rivotra ianareo.

Ny fampiasana ny fanafody mifehy ny asma dia misoroka ny fihetsehany, mitsitsy ny volanao, ary mampahazo aina anao noho ny mandeha any amin'ny vonjy taitra. Ny fampiasana "spacer" mifandimby amin'ny fitaovam-pifohana rivotra dia mamela ny fanafody hiditra betsaka kokoa ao anatin'ny avokavoka.

- ◆ Ho an'ny asma mahery vaika izay manakana anao tsy hahazo rivotra tsara ary tsy mihatsara rehefa mahazo salbutamol, ampiasao mivantana any am-bava ny prednisolone, ary avy eo dia tohizo mandritra ny 3 hatramin'ny 7 andro (jereo ny p. 385). Amin'ny vonjy taitra, raha toa tsy manana fanafody hafa ianao dia azonao atao ny manidrona epinephrine (adrenalin, jereo p. 385) eo ambany hoditra.
- ◆ Ny kankana dia miteraka asma saingy tsy dia fahita matetika anefa izany. Ezaho omena mebendazole (p. 373) ny zaza manomboka misy asma raha eritreretinao fa misy kankana izy.
- ◆ **Raha tsy mihatsara ny fahasalaman'ilay olona dia manatona dokotera.**

Fisorohana:

Ny olona voan'ny asma dia tokony tsy hihinana na hifoka zavatra izay miteraka ny fihetsehany. Ny trano na ny toeram-piasana dia tokony atao madio hatrany. Ajanony any ivelan'ny trano ny akoho sy biby hafa. Ahazo amin'ny masoandrony lamba firakotra. Indraindray dia manampy ny matory eny an-tokontany. Misotroa farafahakeliny rano 8 vera isan'andro mba hihazonana ny rehoka handranoka. Ny olona voan'ny asma dia mety hihatsara rehefa mifindra monina amin'ny toerana madio rivotra.

Raha voan'ny asma ianao dia aza mifoka sigara—vao maika hanimba ny avokavoka ny sigara.

KOHAKA

Ny kohaka dia tsy aretina fa famantarana aretina isan-karazany izay mahazo ny tenda, ny avokavoka, traoka (ny tambazotran'ireo fantsona mankany amin'ny avokavoka). Ireto voalaza ambany ireto ireo olana miteraka karazana kohaka:

<p>KOHA-MAINA MISY REHOKA KELY NA TSY MISY:</p> <p>Sery na gripa (p. 163) kankana—raha mankao amin'ny avokavoka (p. 140) kitrotro (p. 311) kohaka mahazo ny mpifoka sigara (fifohana sigara, p. 149)</p>	<p>KOHAKA MISY REHOKA KELY NA TSY MISY:</p> <p>braonsita (p. 170) pnemonia (p. 171) asma (p. 167) kohaka mahazo ny mpifoka sigara, indrindra rehefa mifoha amin'ny maraina (p. 149)</p>	<p>KOHAKA MAMPANENO NY TRATRA ARY MANEMPOTRA:</p> <p>asma (p. 167) kohadavareny (p. 313) difteria (p. 313) olana eo amin'ny fo (p. 325) zavatra manakana ao amin'ny tenda throat (p. 79)</p>
<p>KOHAKA MITAIZA NA MAHARITRA ELA:</p> <p>raboka (p. 179) kohaka mahazo ny mpifoka sigara na mpitrandraka harena ankibon'ny tany (p. 149) asma (fihetsehany miverimberina, p. 167) braonsita mitaiza (p. 170) aretin'ny avokavoka (p. 170)</p>	<p>KOHAKA MISY RÀ:</p> <p>toberkilaozy (p. 179) pnemonia (rehoka mavo, maitso, na mifangaro rà, p. 171) aretina mahery noho ny kankana (p. 140) homa-miadan'ny avokavoka na tenda (p. 149)</p>	


Ny kohaka dia fomba ampiasain'ny vatana hanadiovana ny fitaovam-pifohan-drivotra sy hanalana ny rehoka (rehoka misy nana) sy ny mikraoba ao anatin'ny tenda na ny avokavoka. Koa raha misy rehoka ny kohaka, **raha misy rehoka ilay kohaka dia aza mihinana fanafody mampijanona ny rehoka fa manaova zavatra hanalefahana ny rehoka sy mampiakatra ny rehoka.**

Fitsaboana ny kohaka:

1. **Mba hanalefahana ny rehoka** sy hanamaivanana ny karazana kohaka rehetra dia **misotroa rano betsaka**. Mandaitra tsara toy ireo fanafody hafa izany.


Mievoha ihany koa. Mipetraha eo ambony seza ary ataovy eo an-tongotrao ny rano mangotraka iray siô. Asio lamba eo ambonin'ny siô mba hihazonana ny entona rehefa miakatra. Hevohy mandritra ny 15 minitra ilay entona. Averimbereno matetika mandritra ny tontolo andro. Ny olona sasany dia manisy solila na ravin-kininina na Vaporub, fa afaka miasa ireny koa ilay rano tsotra.

TANDREMO: Aza mampiasa kininina na Vaporub raha voan'ny asma ilay olona. Vao maika hampihetsika azy izany.




2. **Ho an'ny karazana kohaka rehetra**, indrindra ny koha-maina, ity sirô ho an'ny kohaka ity dia azo omena:

afangaroy: 1 ampahan' tantely




+

1 ranon'ny antsasaky ny voasary makirana



→



Mihinana iray sotrokely isaky ny 2 na 3 ora.

TANDREMO: Aza omena tantely ny zaza latsaky ny 1 taona. Ataovy amin'ny siramamy fa tsy tantely ilay sirô.

3. **Ho an'ny koha-maina mahery vaika izay tsy mampatory anao**, azonao atao ny misotro sirao misy codeine (p. 383). Ny vongana aspirinina misy codeine (na aspirinina irery) dia mandaitra. Raha toa ka be rehoka be na maneno ny tratra dia aza mampiasa codeine.

4. **Ho an'ny kohaka mampaneno ny tratra** (sarotra sy maneno ny fifohana rivotra), jereo ny Asma (p. 167), Braonsita Mitaiza (p. 170), ary Olana eo amin'ny Fo (p. 325).

5. **Ezaho fantarina ny aretina miterika ny kohaka ka tsaboy izany**. Raha toa ka maharitra ela ilay kohaka, raha toa ka misy rà, nana, na rehoka mamofona ao anatiny, na mihamahia ilay olona na manana olana amin'ny fisefoana, manatona mpiasan'ny fahasalamana.

6. **Raha mikohaka ianao dia aza mifoka sigara**. Ny fifohana sigara dia manimba ny avokavoka.

Mba hisorohana ny kohaka dia aza mifoka sigara.

Mba hitsaboana ny kohaka dia tsaboy ilay aretina miteraka izany—ary aza mifoka sigara.

Mba hanamaivanana ny kohaka, sy hanalefahana ny rehoka dia misotroa rano betsaka— aza mifoka sigara.

AHOANA NY FISINTONANA NY REHOKA AVY AO ANATY TRATRA (FOMBA FIPETRAKA REHEFA MISINTONA ILAY REHOKA)

Raha mikohaka be ny olona efa nahazo taona na reraka be ka tsy afaka mamoka rehoka madity ao anaty tratrany, hanampy azy ny fisotroana rano betsaka. Ataovy ihany koa izao manaraka izao:

- ◆ Voalohany, asaivo mievoka enton'ny rano mangotraka izy mba hanalefahana ny rehoka.
- ◆ Avy eo dia kapokapoy moramora amin'ny tãnana somary miforitra ny lamosiny. Hanampy azy hamoaka ny rehoka izany.



BRAONSITA

Ny braonsita dia otrikaretina mahazo ny traoka na ireo fantsona mitondra ny rivotra mankao amin'ny avokavoka. Miteraka kohaka maneno be izany, izay matetika misy rehoka. Ny braonsita matetika dia ateraky ny otrikaretina ka tsy dia andairan'ny antibiotika. **Aza mampiasa antibiotika raha tsy hoe maharitra mihoatra ny herinandro ilay braonsita** ka tsy mihatsara mihitsy, raha toa maneho famantarana pneomnia (jereo ny pejy manaraka), na efa voan'ny **olana mitaiza eo amin'ny avokavoka** ilay olona.

BRAONSITA MITAIZA

Famantarana:

- Kohaka misy rehoka maharitra herinandro na volana maro. Indraindray dia mihombo ny kohaka ary mety hisy hafanana. Ny olona voan'io karazana kohaka io saingy tsy misy aretina mitaiza azy toy ny raboka na asma dia mety voan'ny braonsita mitaiza azy.
- Izy io dia mitranga amin'ny olona efa zokinjokiny izay nifoka sigara be taloha.
- Mety hiteraka aretin'ny avokavoka izany, tranga mampidi-doza ary tsy azo tsaboina, izany hoe vaky ireo kitapo kely misy rivotra ao ao anatin'ny avokavoka. Ny olona voan'ny aretin'ny avokavoka dia manana olana goavana amin'ny fisefoana, indrindra rehefa manao fanatanjahan-tena, ary mihangeza 'toy ny barika' ny tratrany.



'tratra
toy ny
barika'

Fitsaboana:


- ◆ Ajanony ny fifohana sigara.
- ◆ Mihinàna fanafody asma misy salbutamol (p. 384).
- ◆ Ireo olona voan'ny braonsita mitaiza azy dia tokony mampiasa cotrimoxazole na amoxicillin isaky ny voan'ny sery na 'gripa' misy hafanana.
- ◆ Raha manana olana amin'ny famoahana rehoka madity ilay olona dia asaivo mievoka rano mangotraka (p. 168) ary ampio izy amin'ny fomba fipetraha rehefa hisintona ilay rehoka (jereo p. 169).

Ny aretin'ny avokavoka dia mety ateraky ny asma mitaiza, braonsita mitaiza, na fifohana sigara.



**Raha tsy taizan'ny kohaka ianao
(na te hisoroka izany),**

AZA MIFOKA SIGARA!



PNEMONIA

Ny pnemonia dia otrikaretina *manindrona* ny avokavoka. Matetika izany dia mitranga aorian'ny aretina nahazo ny taovam-pisefoana tony ny kitroto, kohaka mampaneno tratra, gripa, braonsita, asma—na aorian'ny aretim-be rehetra, indrindra eo amin'ny zaza na olona efa nahazo taona. Ny olona voan'ny VIH ihany koa dia mety voan'ny pnemonia.

Famantarana:

- Mangatsiaka tampoka avy eo dia misy hafanana be.
- Fifohana rivotra haingana sy lalina be, maneno ny tratra indraindray. Mety hivelatra ny lavak'orona isaky ny mifoka rivotra.
- Fanaviana (indraindray ny zaza vao teraka, ny olona efa nahazo taona, ny olona marefo dia voan'ny pnemonia mahery vaika ka mety misy hafanana

kely na tsy misy hafanana mihitsy izy).


- Kohaka (matetika misy rehoka miloko mavo, maitso, toy ny arafesina, na somary misy rà).
- Marary tratra (indraindray).
Manana endrika marary be ilay olona.
- Misy fanaviana mivoaka eo amin'ny tarehy na ny molotra matetika (p. 232).

zaza marary be ary haingana be sy lalina ny fisefoany dia mety voan'ny pnemonia.

Ho an'ny zaza vao teraka, ny dikan'ny hoe fisefoana haingana be dia mihoatra ny 60 isa-minitra ny fifohany rivotra. Ho an'ny zazakely eo anelanelan'ny 2 volana sy 1 taona, ny fisefoana haingana be dia mihoatra ny 50 isa-minitra ny fifohany rivotra, ary ho an'ny zaza eo anelanelan'ny 1 sy 5 taona dia 40 isa-minitra ny fifohany rivotra. (Raha haingana be sy **lalina** ny fisefoany dia jereo ny tsy fahampian-drano, p. 151, na fahasemporana, p. 24.) Aza isaina ny fifohany rivotra rehefa mitomany ilay zaza na vantany vao avy nitomany iny.

Fitsaboana:

- ◆ Ho an'ny pnemonia, ny fitsaboana amin'ny alalan'ny antibiotika dia miaro amin'ny fahafatesana aterak'izany. Omeo penicillin (p. 351), cotrimoxazole (p. 357), na erythromycin (p. 354). Amin'ny tranga mahery vaika dia omeo tsindrona procaine penicillin (p. 352), ho an'ny olon-dehibe: 400,000 units (250 mg.) i n - 2 na 3 isan'andro, na omeo amoxicillin atelina (p. 352 to 353), 500 mg., i n - 3 isan'andro. Omeo ny ¼ to ½ ny fatra ho an'ny olon-dehibe ny zaza madinika. Ho an'ny ankizy latsaky ny 6 taona, ny amoxicillin dia tsara kokoa.
- ◆ Omeo aspirinina (p. 378) na acetaminophen (p. 379) mba hampidinana ny hafanana ary hanamaivana ny fanaintainana. N y acetaminophen dia azo antoka kokoa ho an'ny ankizy latsaky ny 12 taona.
- ◆ Omeo rano betsaka izy. Raha tsy afaka misakafy ilay olona dia omeo sakafy be rano na Zava-pisotro Famerenan-drano (jereo p. 152).
- ◆ Hamaivano ilay kohaka ary halefaho ny rehoka amin'ny alalan'ny fanomezana rano betsaka sy mampievoka ilay olona amin'ny rano mangotraka (jereo p. 168). Ny fomba fipetraka rehefa misintona rehoka dia mety handaitra ihany koa (jereo p. 169).
- ◆ Raha maneno ny tratran'ilay olona dia mety handaitra ny fanafody asma (jereo p. 384).



HEPATITA


Ny hepatitis dia fivontosan'ny aty izay ateraky ny otrikaretina matetika, na bakteria, alikaola, na fanapoizinana amin'ny alalan'ny akora simika ihany koa. Misy karazany telo lehibe ny hepatitis (A, B, and C) ary mifindra avy amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray hafa izany na misy na tsy misy famantarana ny aretina. Na dia antsoin'ny olona hoe 'fanaviana' aza izany amin'ny toerana sasany (jereo p. 26), ny hepatitis dia miteraka hafanana kely na tsy misy fiakaran'ny hafanana mihitsy.

Ny olona voan'ny Hepatita A na Hepatita B dia marary be mandritra ny 2 hatramin'ny 3 herinandro, marefo mandritra ny 1 hatramin'ny 4 volana aty aoriana, ary avy eo dia mihatsara ny fahasalamany.

Ny hepatitis A matetika dia malefaka eo amin'ny ankizy madinika saingy mahery kokoa izany eo amin'ny olon-dehibe, sy eo amin'ny vehivavy mitondra vohoka. Ny hepatitis B dia mahery vaika kokoa ary mety hitarika olatra eo amin'ny aty (aretin-tselan'aty), homamiadan'ny aty, eny hatramin'ny fahafatesana. Ny hepatitis C ihany koa dia mahery vaika be ary mety hiteraka otrikaretina maharitra eo amin'ny aty. Io no mitarika ny fahafatesan'ny olona voan'ny VIH be indrindra.

Famantarana:

- Mahatsiaro reraka. Tsy te hisakafo na hifoka sigara. Mahavita tsy misakafo mandritra ny andro maro.
- Indraindray dia misy marary eo amin'ny ankavanana akaikin'ny aty. Indraindray dia misy marary amin'ny hozatra na vanintaolana.



- Mety misy hafanana.
- Afaka andro vitsy dia mivadika mavo ny maso sy ny hoditra.
- Ny fahitana na ny fahenoana fofontsakafo dia mety mampandao.
- Mety mivadika mainty toy ny Coca Cola ny fivalanan-drano, ary mety ho lasa manopy fotsy ny diky, na mety voan'ny aretim-pivalanana ilay olona.

Fitsaboana:

- ♦ Tsy mandaitra amin'ny hepatitis ny antibiotika. Ny tena marina, ny antibiotika toy ny acetaminophen dia hanimba ny aty. Aza mampiasa fanafody.
- ♦ Ilay marary dia tokony haka aina sy hisotro rano betsaka. Raha manda tsy hihinana ny ankabeazan'ny sakafo izy dia omeo ranom-boankazo vita amin'ny voasary, papay, sy voankazo hafa miampy rony na lasopy legioma. Mety hanampy ihany koa ny fihinanana vitamina. Mba hifehezana ny fandoavana, jereo p. 161.
- ♦ Rehefa afaka misakafo ilay marary dia omeo sakafo mifandanja. Ny legioma sy voankazo dia tsara, ampiarahana amin'ny proteina (p. 110 to 111). Saingy aza manome proteina be loatra (hena, atody, trondro, sns.) satria mapiasa be ilay aty izay efa simba izany. Fadio ny hena matavy sy sakafo matavy. Aza misotro alikaola mihitsy mandritra ny 6 volana farafahakeliny.

Fisorohana:

- ♦ Matetika dia voan'ny hepatitis ireo zaza madinika nefa tsy maneho famantarana ny aretina, saingy mety hamindra ny aretina amin'ny hafa izy ireo. Zava-dehibe ny fanarahan'ny olona rehetra ao antrano ny torolàlana mikasika ny fahadiovana (jereo ny pejy 133 hatramin'ny 139).
- ♦ Ny otrikaretin'ny Hepatita A dia mifindra avy amin'ny dikin'ny olona iray mankany amin'ny vavan'ny olona iray hafa amin'ny alalan'ny rano na sakafo maloto. Mba hisorohana ny hafa tsy ho voan'ny aretina dia aleveno ny dikin'ilay marary. Ilay olona marary, ny havany ary ny mpitsabo azy dia tokony mitandro ny fahadiovana hatrany ary manasa matetika ny tanan'izy ireo.
- ♦ Ny otrikaretin'ny Hepatita B sy ny Hepatita C dia mifindra avy amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo, tsindrona amin'ny fanjaitra tsy voadio, famindrana rà misy otrikaretina ary avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza eo am-piterahana. Mandraisa andraikitra mba tsy hamindrana hepatitis amin'ny hafa: mampiasa kapaoty mandritra ny firaisana ara-nofo (jereo p. 290), araho ny torohevitra mikasika ny fisorohana ny VIH ao amin'ny p. 401, ary ampangotraho foana ny fanjaitra sy ny fitaovam-panindronana alohan'ny hampiasana azy (jereo ny p. 74).
- ♦ Efa misy vaksiny miady amin'ny Hepatita A sy Hepatita B izao fa saingy mety ho lafo vidy izany na tsy misy eo an-toerana. Ny hepatitis B dia mampidi-doza ary tsy misy fanafany, koa raha misy eo an-toerana ilay vaksiny dia tokony atao vaksiny ireo ankizy rehetra.

TANDREMO: Ny Hepatita ihany koa dia afaka mifindra amin'ny alalan'ny fanindronana amin'ny fanjaitra tsy voadio:


Ampangotraho foana ny fanjaitra sy ny fitaovam-panindronana alohan'ny hampiasana azy (jereo p. 74).

ARETIN'NY VANIN-TAOLANA (TONON-TAOLANA MANAINAINA, SY MIVONTO)

Ny ankabeazan'ny fanaintainan'ny tonon-taolana maharitra sy ny aretin'ny vanin-taolana eo amin'ny olona efa nahazo taona dia tsy sitrana tanteraka. Na izany aza, ireto manaraka ireto dia manampy amin'ny fanamaivanana ny fanaintainana:

- ◆ **Fakàna aina.** Raha azo atao dia fadio ny miasa be sy manao fanatanjahan-tena be izay maneligelina ilay tonon-taolana marary. Raha toa miteraka hafanana ilay aretin'ny vanin-taolana dia ilaina ny mitsotra kely ao anatin'ny tontolo andro.
- ◆ **Asio lamba nolemanana tamin'ny rano mafana** eo ambonin'ilay tonon-taolana marary (jereo p. 195).
- ◆ **Ny aspirinina** dia manampy amin'ny fanamaivanana ilay fanaintainana; ny fatra ho an'ny aretin'ny vanin-taolana dia ambony kokoa noho ny fatra hanamaivanana ny fanaintainana hafa. Ireo olon-dehibe dia tokony hihinana vongam-panafody 3, in-4 isan'andro. Raha manomboka maneno ny sofinao dia ahenao ny fatrany. **Mba hisorohana ny aretim-bavony ateraky ny aspirinina dia hano miaraka amin'ny sakafo na rano iray vera be foana izany.** Raha mbola mitohy ny aretim-bavony dia hano miaraka amin'ny sakafo sy rano be dia be ary ampio antacid iray sotra feno toy ny Maalox na *Gelusil* ilay aspirinina
- ◆ Zava-dehibe ny manao **fanatanjahan-tena** tsotra mba hihazonana na hampitomboana ny fihetsehan'ilay tonon-taolana marary.

Raha ny tonon-taolana iray ihany no mivonto sy mafana be dia mety misy otrikaretina—indrindra raha misy hafanana be. Ampiasao ny antibiotika toy ny penicillin (jereo p. 350) ary raha azo atao dia mandehana mijery mpiasan'ny fahasalamana.



Ny tonon-taolana manaintaina eo amin'ny tanora sy ny ankizy dia mety famantarana aretina mahery vaika hafa toy ny rohana (p. 310) na raboka (p. 179). Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fanaintainan'ny tonon-taolana dia jereo ny Ankizy Manana Fahasembanana eo An-tanàna, Toko 15 sy 16.

FANAINAINAN'NY LAMOSINA


Ny fanaintainan'ny lamosina dia manana antony maro. Indreto misy sasany amin'izany:

Ny fanaintainana tsy mijanona eo amin'ny lamosina ambony, mikohaka ary very lanja dia mety raboky ny avokavoka (p. 179).

Marary eo amin'ny lamosina afovoany, mety ho raboky ny hazon-damosina, indrindra raha mikitaontaona na mivonto kely ny hazon-damosina.

Manaintaina ny lamosina ambany ary mihamarary izany ny andro aorinan'ny fibatana zavatra mavesatra, mety folaka.

Fanaintainana be eo amin'ny lamosina ambany izay miseho tampoka amin'ny voalohany rehefa mitsangana na mihodina dia mety *hernie discale*, indrindra raha lasa manaintaina na voly na marefo ny ranjo na tongotra ilany. Izany dia mety nateraky ny hoza-tatitra voatery



Ny fijoroana ary milatsaka ny soroka dia aretin-damosina mahazatra.

Ny fanaintainana tsy mijanona mahazo ny lamosina ambany dia aretin'ny vanin-taolana matetika.

Ny fanaintainana eo amin'ny lamosina ambony havanana dia mety avy amin'ny olana eo amin'ny afero (p. 329).

Ny fanaintainana miseho tampoka (na maharitra) dia mety olana eo amin'ny fivalanan-drano (p. 234).

Ny fanaintainana eo amin'ny lamosina ambany dia ara-dalàna ho an'ny vehivavy mandeha fadim-bolana na mitondra vohoka (p. 248).




Ny fanaintainana eo amin'ny lamosina ambany indrindra dia avy amin'ny olana eo amin'ny tranon-jaza, fihariana atodinaina na tendronn'ny tsinaibe.

Fitsaboana sy fisorohana ny aretin-damosina:

- ◆ Raha toa ka toberikilaozy na otrikaretin'ny fitaovam-pivalanan-drano na aretin'ny afero no anton'ny fanaintainana eo amin'ny lamosina dia tsaboy ilay antony. Manatòna dokotera raha miahiahy aretina mahery vaika ianao.
- ◆ Ny aretin-damosina tsotra, ao anatin'izany ny mahazo rehefa mitondra vohoka, dia mety sorohina ary azo hamaivanina:


Mijoroa mahitsy foana



matory amin'ny toerana mafy
Sy mahitsy tsara toy izao




fanatanjahana ny lamosina (atao mora kely)



- ◆ Ny aspirinina sy ny fandomana amin'ny rano mafana (p. 195) dia manampy amin'ny fanamaivanana ny fanaintainan'ny lamosina.
- ◆ Ho an'ny fanaintainan'ny lamosina ambany tampoka, mahery vaika, izay avy amin'ny fiolana, fitsanganana, fiondrehana, na folaka, ny fanamaivanana izany aingana dia azo atao toy izao manaraka izao:

asaivo mitsotra ary ataony ao ambanin'ny lohalika ilany ny tongony ilany




Avy eo, tsindrina ambany moramora ny sorony,

Ary somary tsindrio moramora ilay lohalika mba hanolanana ilay lamosina.

Ataovy amin'ny ilany izany, avy eo dia ataovy koa ny ilany.

TANDREMO: Aza manao izao raha toa avy amin'ny fianjerana na ratra ilay fanaintainan'ny lamosina.

- ◆ Raha tampoka be ilay fanaintainan'ny lamosina avy amin'ny fitsanganana na fiholanana ary mahery vaika toy ny nitsindronina antsy rehefa miondrika ianao, raha toa ka midina any amin'ny tongotra ilay fanaintainana, na lasa voly na marefo ilay tongotra dia mampidi-doza izany. Mety tery ny hoza-tatitra avy eo amin'ny lamosina ateraky ny hernie discale (asiana ondana eo anelanelan'ny taolan-damosina). Tsara ny mitsilany mahitsy mandritra ny andro maro. Mety hanampy ny fametrahana zavatra mafy ao ambanin'ny lohalika sy eo afovoan'ny lamosina.



- ◆ Mihinana aspirinina ary milona ao anaty rano mafana. Raha tsy manomboka mihatsara ilay fanaintainana ao anatin'ny andro vitsy dia manatòna dokotera.


VARISY (LALAN-DRÀ MIVONTO)

Ny varisy dia lalan-drà mivonto, miolana ary manaintaina matetika. Matetika izy ireo dia hita eo amin'ny ranjon'ny olona efa nahazo taona sy vehivavy mitondra vohoka na manan-janaka maro.

Fitsaboana:

Tsy misy fanafodiny ny varisy. Fa mety hanampy kosa ireto manaraka ireto:

- ◆ Aza mitsangana ela loatra na mipetraka ka atao ambony ny tongotra. Raha tsy maintsy mitsangana mandritra ny fotoana ela ianao, ezaho ny mandry kely mandritra ny minitra vitsy isaky ny antsasak'adiny ary ataovy ambony ny tongotra (apiakaro hifanintsy amin'ny fo). Rehefa mitsangana ianao dia hetseho toy ny mandeha ny tongotra. Na mitsingy kely ka averimbereno matetika izany. Apiakaro ihany koa ny tongotra rehefa matory (ataovy ambony ondana).
- ◆ Mampiasa bandy azo roritina (bà fanenjanana) mba hanampy anao hihazona ilay lalan-drà. Asory izany amin'ny alina.
- ◆ Ny fikarakarana ny lalan-drànao toy izany dia miaro amin'ny fery na ratra ateraky ny varisy eo amin'ny kitrokely (p. 213).



KITSO (Hemoroida)


Ny kitso dia varisy eo amin'ny lava-body na tendron'ny tsinaibe toy ny mibontsin-drano kely na baolina kely. Mety manaintaina izany, saingy tsy mampidi-doza. Mateti-pitranga izany rehefa mitondra vohoka ary miala ihany avy eo.

- ◆ Ny rano avy amin'ny zavamaniry mangidy (*hamamélis*, raketa, sns.) apetraka eo amin'ny kitso dia manampy azy ireny hilentika. Manala izany koa ny suppositoire ho an'ny kitso (p. 391).
- ◆ Ny fipetrahana ao anaty koveta be fandroana misy rano mafana dia hanampy amin'ny fanasitranana ny kitso.
- ◆ Ny kitso dia mety hateraky ny fitohanana. Manampy ny fihinanana voankazo na sakafo betsaka fibra toy ny mangahazo na akofa avy amin'ny varim-bazaha
- ◆ Ny kitso ngeza loatra dia mila fandidiana. Makà torohevitra amin'ny mpitsabo.

Raha manomboka mandeha rà ilay kitso dia azo atao ny mifehy izany amin'ny alalan'ny fanindriana ilay kitso amin'ny lamba madio. Raha mbola tsy mijanona ihany ilay rà dia manatòna dokotera. Na ezaho ny mifehy ilay fandehanan-drà amin'ny alalan'ny fanesorana ilay vaingan-drà ao anatin'ilay lalan-drà mivonto.

Voalohany aloha dia diovy amin'ny savony sy rano ilay kitso. Mampiasà harena avy nampangotrahina mba hanatahana kely ilay kitso. Mampiasà fitaovana fanongotana volo avy nampangotrahina mba hamoahana ilay vaingan-drà. Tsindrio amin'ny lamba madio ilay notatahana kely mandrapijanon'ny rà.

TANDREMO: Aza avoaka tao ilay kitso. Mety handeha rà be hahafaty azy ilay olona.



FIVONTOSAN'NY TONGOTRA SY NY FARITRA Hafa Amin'ny Vatana

Ny fivontosan'ny tongotra dia mety ateraky ny olana maro samihafa, ny sasany maivana ary ny sasany kosa dia mahery vaika. Saingy raha toa ka mivonto ny tarehy ny faritra hafa amin'ny vatana dia famantarana aretina mampidi-doza izany matetika.

Ny tongotry ny vehivavy mitondra vohoka dia mivonto mandritra ny 3 volana farany hitondrana vohoka. Tsy mahery vaika izany. Izany dia ateraky ny lanjan'ilay zazakely izay manindry ny lalan-drà avy any amin'ny tongotra ka manakana ny fikorinan'ny rà tsara. Na izany aza, raha miakatra ny tosi-dràn' ilay vehivavy, sady mivonto ny tarehiny, no be proteina be ao anatin'ny fivalanan-dranony, na lasa matavy tampoka izy, dia mety voan'ny *prééclampsie* izy (jereo p. 249). Mila manatona dokotera haingana.

Ny olona efa nahazo taona izay mipetraka na mitsangana ela amin'ny toerana iray dia mivonto tongotra satria tsy ampy ny fikorinan'ny rà. Na izany aza, ny fivontosan'ny tongotra eo amin'ny olona efa nahazo taona dia mety ateraky ny olana eo amin'ny fo (p. 325) na, tsy dia fahita matetika, aretin'ny voa (p. 234).

Ny fivontosan'ny tongotra eo amin'ny zaza madinika dia mety ateraky ny tsy fahampian-drà (p. 124) na tsy fahampian-tsakafo (p. 107). Amin'ny trangan-tsy fahampian-tsakafo mahery vaika dia mety hivonto koa ny tarehy sy ny tånana (jereo Kwashiorkor, p. 113).


Fitsaboana:

Mba hampihenana ny fivontosana dia tsaboy ilay aretina izay miteraka izany. Aza mampiasa sira be na aza asiana sira mihitsy ny sakafo. Ny dite ravin-kazo izay mampivalan-drano ny olona matetika dia manampy tokoa (jereo volon-katsaka, p. 12). Ataovy koa oreto manaraka ireto:

REHEFA MIVONTO NY TONGOTRAO:

Aza mipetraka ela ka atao ambany ny tongotrao. Vao maika mampivonto azy izany.


TSIA



Rehefa mipetraka ianao dia ampiakaro ny tongotra. Tsy hivonto loatra izy amin'izany. Ataovy ambony matetika ny tongotrao mandritra ny tontolo andro.

Tokony atao ambonin'ny faritry ny fo ny tongotrao

TSARA




TSARA KOKOA.




HERINIA na FIPOTSAHAN'NY TSINAY (ROVITRA)

Ny fipotsahan'ny tsinay dia fisokafana na faharovitan'ny hozatra manarona ny kibo. Izany dia manome alalana ny ampahan'ny tsinay hivoaka ary hiendrika fivontosana eo ambanin'ny hoditra. Ny fipotsahan'ny tsinay dia avy amin'ny fibatana zavatra mavesatra na fiolanana (toy ny rehefa miteraka). Ny zazakely vao teraka sasany dia misy fipotsahan'ny tsinay (jereo p. 317). Eo amin'ny lehilahy, ny fipotsahan'ny tsinay dia eo amin'ny teta. Ny atody tarimo mivonto (p. 88) ihany koa dia miteraka fivontosana eo amin'ny teta. Na izany aza . . .

Ny fipotsahan'ny tsinay dia mischo eto,



Ary henonao rehefa tsapainao toy izao



mihangeza ho rehefa mikohaka ianao (na mitsangana).

Ny atody tarimo dia eto




Ary tsy mihangeza rehefa mikohaka ianao.

Ahoana ny hisorohana ny fipotsahan'ny tsinay:

Ataovy toy izao ny fibatana zavatra mavesatra



Fa tsy toy izao.




Akoana ny fomba hiainana raha misy fivontosan'ny tsinay:



- ◆ Aza mibata zavatra mavesatra.
- ◆ Manamboara fehin-kibo hihazonana ilay fipotsahan'ny tsinay.

FEHIN-KIBO TSOTRA AMBOARINA:

Asio zavatra malemy eto



Amin'izay hanindry ilay tsinay mipotsaka.



TANDREMO: Raha lasa ngeza loatra na manaintaina ilay herinia, ezaho averina miditra izany ka ingao ambony mihoatra ny loha ny tongotra ary tsindrio moramora ilay mivonto. Raha tsy miverina miditra izany dia manatona dokotera.

Raha vao maika manaintaina be ary miteraka fandoavana ilay fipotsahan'ny tsinay ary tsy afaka mangery ilay olona dia mitera-doza izany. Mety mila fandidiana. Manatona haingana dokotera. Mandritra izany dia tsaboy toy ny apandisita izany (p. 95).

FANDOAVANA

Maro amin'ny olona, indrindra ny ankizy, no voan'ny 'fikorontanan'ny vavony' tsindraindray ary mandoa. Matetika dia tsy hita ny anton'izany. Mety aretim-bavony malefaka na aretin'ny tsinay na manavy. Ity karazana fandoavana tsotra ity dia tsy mahery vaika ary afaka ho azy.

Ny fandoavana dia iray amin'ireo famantarana olana isan-karazany, ny sasany maivana fa ny sasany kosa mety hitera-doza, koa zava-dehibe ny mizaha tsara ilay olona. Ny fandoavana dia avy amin'ny olana eo amin'ny vavony na tsinay matetika, toy ny: otrikaretina (jereo ny aretim-pivalanana, p. 135), fanapoizinana avy amin'ny sakafo efa samba (p. 135), na 'aretin-kibo manindrona' (ohatra hoe appendicite na zavatra manentsina ny tsinay, p. 94). Ny ankabeazan'ny aretina mampisy hafanana ambony be na fanaintainana mafy dia mety mampandao, indrindra ny tazo (p. 186), ny hepatitis (p. 172), kambon-tenda (p. 309), aretin-tsofina (p. 309), menenzita (p. 185), otrikaretina mahazo ny taovam-pivalanan-drano (p. 234), fanaintainan'ny afero (p. 329) na aretin'andoha mahery vaika (p. 162).



Ny famantarana ny loza miaraka amin'ny fandoavana—mitadiava haingana ny fanampian'ny mpiasana'ny fahasalamana!

- tsy fahampian-drao mihamitombo ka tsy voafehinao (p. 152)
- fandoavana be maharitra mihoatran'ny 24 ora
- fandoavana mahery vaika, indrindra raha miloko maitso be, volon-tany na maimbo toy ny diky ilay (famantarana fanentsenana, p. 94)
- fanaintainana tsy mijanona ao amin'ny tsinay, indrindra raha tsy afaka mangery ilay olona na tsy henonao maneno ny kibony rehefa ataonao eo ambonin'ny kibony ny sofinao (jereo ny aretin-kibo manindrona: tsentsina, appendicite, p. 94)
- mandoa rà (fery ao anaty vavony, p. 128; aretin-tselan'aty, p. 328)

Mba hifehezana ny fandoavana dia:



- ◆ Aza mihinana na inona na inona raha toa ka mahery vaika ny fandoavana.
- ◆ Misotroa Coca-Cola na zava-pisotro misy entona vita amin'ny gingembre. Ny dite ravina sasany toy ny camomille ihany koa dia mety hanampy.
- ◆ Raha toa ka tsy ampy rano dia ampisotroy coca kely, dite, na zava-pisotro famerenan-drano (p. 152).
- ◆ Raha tsy mijanona haingana ny fandoavana dia ampiasao ny fanafody fifehezana fandoavana toy ny promethazine (p. 385) na diphenhydramine (p. 386). Saingy aza omena ireo fanafody ireo ny zaza latsaky ny 2 taona.

Ny ankamaroan'ireo fanafody ireo dia miendrika pilina, sirao, tsindrona, ary suppositoires (pilina malefaka asitrikao any anaty *lava-body*). Ny vongam-panafody sy ny sirô ihany koa dia afaka alefa any anaty lava-body. Poteho ao anaty rano kely ilay vongam-panafody. Ataovy ao anatin'ny fanadiovana ny tsinay na fitaovam-panindronana tsy misy fanajitra izany.

Rehefa mihinana fanafody, ny fanafody dia tokony hoanina miaraka amin'ny rano kely ary tsy tokony mitelina zavatra hafa mandritra ny 5 minitra. Aza manome mihoatra ny fatra natoro mihitsy. Aza omena fatra fanin-droany raha tsy efa voahitsy ny tsy fahampian-drano ary manomboka mivalan-drano ilay olona. Raha toa ka manasarotra ny fitelemana na fandefasana ny fanafody any anaty lava-body ny fandoavana sy ny aretim-pivalanana mahery vaika dia omeo tsindrona amin'ny iray amin'ireo fanafody mifehy ny fandoavana izy. Ny promethazine no mandaitra indrindra. Tandremo tsy omena be loatra amin'izany ilay olona.